Toulouse, faha 05 aogositra 2020

Ho an’ny Mpitandrina RAZAFIMAHATRATRA Marcellin
mianakavy sy ny fianakaviana manontolo.

Mamangy anareo amin’ny anaran’ny Tompo izahay. Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin’Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy Zanany Tompontsika.

Amin’izao fahalasanan’ny reny niteraka anareo izao dia mamangy sy maneho ny fiaraha-miory aminareo ary mampahery anareo ao amin’ny Tompo izahay.

Koa dia indraminay ny tenin'ny Apostoly Paoly manao hoe : “*Ary Jesosy Kristy Tompontsika sy Andriamanitra Raintsika, Izay efa tia antsika ka nanome antsika fampiononana mandrakizay sy fanantenana tsara amin'ny fahasoavana, no hampionona ny fonareo anie sy hampahery anareo amin'ny asa sy ny teny tsara rehetra.*” (2Tes.2.16-17)

Koa Andriamanitry ny fahasoavana sy ny fampiononana anie hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo hahazoanareo mijoro sy mitraka ho vavolombelon’ny finoana sy ny fitiavana ary ny fanantenana ao amin’i Jesoa Kristy Tompontsika, Ilay efa nanomana toerana ho an’izay rehetra tia Azy araka ny toky nomen’ny Tompo manao hoe: *"Aza malahelo ny fonareo; minoa an’ Andriamanitra, ary minoa Ahy koa ; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, ka izay itoerako no hitoeranareo koa."* (Jao.14 :1-3)

Koa “ *mahereza ao amin’ny Tompo sy ny herin’ny faherezany.*” (Ef.6:10)

Dia manoroka anareo am-pitiavana izahay ary mametraka anareo eo ambany tana-maherin’Ilay tia antsika.

Amin’ny anaran’ny FPMA Toulouse

Ny Mpitandrina Elysée Andriamiandra
Ny Filoha Solofo Rajaobelina